O ry Irak'Allah !, Tsy misy haratsina na koa fahotana afa-tsy hoe Nataoko avokoa, Namaly i Mpaminany (S.A.W) hoe : "Tsy efa nijoro vavolom-belona fa tsy misy Tompo afa-tsy i Tompo Allah ary i Mouhammadi dia Irak'Allah va Ianao ?

Tatitra azo avy tamin'i Annas (R.A), Niteny hoe : Nisy Lehilahy iray tonga teo anatrehan'ny Mpaminany (S.A.W) Niteny ka nanao hoe : O ry Irak'Allah !, Tsy misy haratsina na koa fahotana afa-tsy hoe Nataoko avokoa, Namaly i Mpaminany (S.A.W) hoe : "Tsy efa nijoro vavolom-belona fa tsy misy Tompo afa-tsy i Tompo Allah ary i Mouhammadi dia Irak'Allah va Ianao ? " naveriny in-telo. dia Namaly Izy hoe : Eny, Niteny i Mpaminany (S.A.W) nanao hoe : " izany dia mamafa Azy rehetra izany ".
[Mari-pototra] [Notantarain'i Abo Ya'la sy Al-Tabaràni ary Al-Diya' Al-Makdisi]

Tonga Lehilahy iray teo amin'ny Mpaminany (S.A.W) ary Niteny Izy ka nanao hoe : O ry Irak'Allah, marina tokoa fa efa nanatanteraka ireo fahotana sy ny fahadisoana rehetra ny tenako, ka tsy misy navelako na kely na lehibe afa-tsy hoe nataoko avokoa izany, Ka moa ve ho hahazo famelan-keloka fona Aho ? Namaly azy i Mpaminany (S.A.W) ka Nilaza nanao hoe : Moa va tsy efa nijoro vavolombelona ianao fa tsy misy Tompo afa-tsy i Allah ary Mouhammadi (S.A.W) dia irakan'Allah ? Naverimberiny taminy in-telo izany, Ka hoy Izy Namaly hoe : Eny Mijoro vavolombelona marina Aho, Nilaza taminy i Mpaminany (S.A.W) fa ny fahasoavan'izany fijorona vavolombelona roa izany dia ny famafana ireo haratsiana, ary ny fibebana dia mamafa ireo rehetra teo aloha.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/65006